


REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavara - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-187

Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ireto volavolan-dalàna ireto:

- laharana faha-021/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 «phase II-PRIRTEM II, (BAD/FAT)»;
- laharana faha-022/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 «phase II-PRIRTEM II, (BAD/FAD)»;
- laharana faha-023/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «Accord de financement au projet de Transport par Câble à Antananarivo, (République de Madagascar et la Société Générale)»;
- laharana faha-024/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «Accord de financement (République de Madagascar et NATIXIS)»;
- laharana faha-025/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «Commerce-phase II (PACFC II), (BAD/FAD)».

Fivoriana Faha-29

Natao ny

Alakamisy 16 Desambra 2021

- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany:

- RABENIRINA Jean Jacques
- HENRI Jean Michel

FOTOANA: Alakamisy 16 Desambra 2021 tamin'ny 12 ora sy 35 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna:

- laharana faha-021/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 «autorisant la Ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar phase II-PRIRTEM II, conclu le 15 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (BAD/FAT))»;
- laharana faha-022/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 «autorisant la Ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar phase II-PRIRTEM II, conclu le 15 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD))»;
- laharana faha-023/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la Ratification de l'Accord de financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Société Générale»;
- laharana faha-024 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la Ratification de l'Accord de Financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, financé par NATIXIS agissant au nom et pour le compte du Gouvernement de la République Française, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et NATIXIS»;
- laharana faha-025/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce-phase II (PACFC II), conclu le 02 décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD))».

Nitohy ny Alakamisy 16 Desambra 2021, tamin'ny 12 ora sy 35 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, nanamafy ny tokony hitandremana sy hanajana ny fepetra sakana hiarovana amin'ny valan'aretina "Covid-19".

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana ny tenany.

Nanatanteraka izany Andriamatoa HENRI Jean Michel.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Ramatoa Filoha.

Taorian'izay, nambarany, fa ny volavolan-dalàna laharana faha-021/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 no hodinihana voalohany, ka niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra momba izany.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-14 Desambra 2021 tamin'ny 7 ora, hariva sy ny Alarobia faha-15 Desambra 2021 tamin'ny 11 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana, ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakanana ary ny Vaomieran'ny Angovo sy Rano nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-021/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 "autorisant la Ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar phase II-PRIRTEM II, conclu le 15 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (BAD/FAT).

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera ny Fitantanam-bola sy Tetibola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. FIENENA Richard Désiré
3. RAFIDIMANANA Narson
4. RANDRIAMANAMPISOA Alfred
5. RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
6. ANDRIAMANATRIKARIVO Pierrot
7. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
8. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
9. RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
10. RIVOTIANA Jean Bosco

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano tonga nivory

- Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Tsy nisy tonga kosa ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana sy ny tao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana.

Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory

- Andriamatoa RASOAVA Rakotoarisoa Rija

Ireto manaraka ireto ny teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RAMAROSON Andry Heriniaina	MEH
2. RAJAOFETRA Andry	DGT/MEF
3. RAZAFINDRAMBOARIMANANA Hervé	DDP/DGT
4. RAKOTOARIMANANA Z.Tantely	DDP/DGT
5. RAJAONA Ambinintsoa N.	DDP/DGT
6. José KATSIHA	DDP/DGT
7. RAMIANDRISOA Sambatra	DGEH/MEH
8. ANDRIAMANPARANY Stéphanie	SG/MEH
9. RAHARISON Mirana	Coordo PRIRTEM
10. RAKOTONDRAINITSIMBA Mamy	DIRECTION CONCEPTION RESEAU JIRAMA
11. RAZAFINDRAKOTO Heritiana	ADER/CHEF DE SERVICE PLANIFICATION
12. RAZAFINDRAMANGA Stephano	MEH/protocole
13. MOKIZY Soa Salinah	MEH/assistante
14. RATSIMBAZAFY Anne Marie	MEH/assistante

Rehefa avy nirahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha, nanamarika fa noho ny tsy fahampian'ny fanazavana dia nitohy ny Alarobia faha-15 Desambra ny fandinihana ny Volavolan-dalàna laharana faha-21/2021 izay natomboka ny Talata faha-14 Desambra 2021.

Taorian'izay, nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Volavolan-dalàna.

Nanambara ny Teknisiana fa ny tetikasa PRIRTEM II dia mikasika tambazotram-pitaterana herinaratra mampifandray an'Antananarivo sy Antsirabe, izay mirefy 135km ary mahatratra 220KV sy afaka mitondra 300MW. Mifanindran-dalana amin'ny tetikasa Sahofika vatsian'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana izy ity, izay mikendry ny fampifandraisana ireo tambazotran'ny herinaratra eto Madagasikara, mba hiantohana ny famokarana herinaratra ary hanamorana ny fidirana amin'ireo tobim-pamokarana.

Hisy toby roa lehibe hatsangana amin'ity tetikasa PRIRTEM II ity. Ny iray any «Tanà Sud 3» ary ny iray any Vinaninkarena. Misy antony roa ny momba izany, fanamafisana ny tanjaky ny herinaratra mampitohy an'Antananarivo sy Antsirabe ary ny fampidinana ny sandan'ny famokarana herinaratra.

Nanamafy hatrany ny teknisiana fa ny tetikasa PRIRTEM II dia ahitana fampindramam-bola mitentina 10 000 000 UC na 14 000 000 dolara amerikana na 54 642 400 000 MGA izay averina ao anatin'ny 40 taona, ka ny 10 taona voalohany, tsy andoavana renivola. Ahitana «commission d'engagement» mitentina 0,50% isan-taona amin'ny vola tsy mbola nampiasaina ary "commission de service" mitentina 0,75% isan-taona amin'ny vola nampiasaina fa tsy mbola voaverina.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA:

1. Ny tetikasa PRIRTEM dia tetikasa mitohy: ny PRIRTEM I ohatra, tambazotra mampitohy an'i Toamasina sy Antananarivo. Ny PRIRTEM II kosa mampitohy an'Antananarivo sy Antsirabe. Ny PRIRTEM III indray mampitohy an'Antsirabe sy Fianarantsoa ary ny PRIRTEM IV dia mampitohy an'i Fianarantsoa mianatsimo.
2. Ny tanàna manodidina ny tetikasa SAHOFIKA dia tokony hisitraka herinaratra sy rano ary tsy mahafatiantoka ny mpamatsy vola ny manatanteraka izany.

Fanontaniana sy valim-panontaniana

1. Oviana ny «décaissement» ary oviana no manomboka sy mifarana ny asa?

Aorian'ny fandania ity volavolan-dalàna ity, apetraka ny «Plan de Travail Annuel» (PTA) miaraka amin'ireo paika rehetra hirosoana amin'ny «décaissement» toy ny famoahana ny «décret d'utilité publique» avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana. Eo ihany koa ny famoahana ny «plan de gestion environnementale» avy amin'ny ONE izay takian'ny mpamatsy vola ary ny fandraisana ny kabinetra hanara-maso ny asa.

2. Aiza avy ny làlana andalovan'ny Tetik'asa? Aiza ny toerana hananganana ny toby roa lehibe?

Miala eny Tanà-sud ny tetikasa dia mifarana any Vinanikarena. Ny toby lehibe iray dia hatsangana ao Amboanjobe ary ny toby faharoa kosa, any Vinanikarena.

3. Efa tafiditra amin'ny trosam-panjakana nanaovana fanambarana ve io findramam-bola io?

Efa tafiditra ao anatin'ny izany, 0% ny taha ny zanabola ary tsy mbola misy voka-dratsy izany findramam-bola izany; 800 000 000 USD ny fetra farany azon'ny Fanjakana hindramina. Araka izany, raha tafiditra ity fampindram-bola ity, mbola 300 000 000 USD ny trosan'ny Fanjakana Malagasy.

4. Ahoana no ahavitana io asa io ao anatin'ny 1 taona sy tapany satria ny datin'ny 31 Desambra 2024 ny fotoana famaranana ny asa voarakitra ao anatin'ny fifanarahana?

Ny ao anatin'ny fifanarahana amin'ny findramam-bola mitovy amin'izao dia azo atao tsara ny mangataka fanalavam-potoana amin'ny fanatanterahana ny asa raha toa mbola tsy vita izany araka ny nifanarahana.

5. Mandoa hetra ve ny mpamatsy vola OFID?

Tsy mandoa hetra ny OFID ary ireo mpamatsy vola rehetra amin'ity tetikasa ity dia tsy mandoa hetra avokoa.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandania ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra, naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izay, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny volavolan-dalàna laharana faha-021/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 «autorisant la Ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar phase II-PRIRTEM II, conclu le 15 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (BAD/FAT))» ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny Alarobia faha-15 Desambra, tamin'ny 12 ora sy sasany, atoandro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'ny famakiana ny tatitra, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fanitsiana ny tatitra ny mpivory, ka nomeny fitenenana izay hanao izany.

Nanitsy ny fahadisoan'ny anarany, Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, tsy ANDRIAMANATRIKARIVO no izy, fa io voalaza eo ambony io.

Rehefa izay, nomena fitenenana Andriamatoa RAMAROSON Andry Heriniaina, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo, mba hitondra fanazavana momba ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nanamafy ny voalazan'ny tatitra mikasika ny tetikasa ny tenany ary nambarany, fa tsy mandoa hetra ny mpamatsy vola, fa ireo hisehetra amin'ny tetikasa no mandoa hetra. Nomarihany, fa hisy vola hiditra amin'ny kitapom-bolam-panjakana raha vao mandeha ny tetikasa.

Nambarany koa fa afaka mitondra angovo hatramin'ny 300MW ny tetikasa. Ny zava-misy amin'izao fotoana izao, ny «réseau interconnecté d'Antananarivo» dia 63KV no vokariny, fa tsy 220KV amin'ny angovo tokony hampiasaina. Tsy afaka mitondra angovo mihoatra ny 40MW izy, ka tsy mbola hitondra fampandrosoana momba ny resaka angovo eto Madagasikara raha izay no jerena. Noho izany, mila tetikasa hoentina hanarenana ny tsy fahampian'ny angovo isika, ka izay no antony namolavolana ity tetikasa ity.

Nambarany koa fa efa mitsangana ny "réseau interconnecté d'Antananarivo" amin'izao fotoana izao saingy marefo araka ny voalaza teo.

Volaza ao anatin'ny volavolan-dalàna koa, fa PRIRTEM II no anaran'ny tetikasa. Izany hoe, efa nisy ny PRIRTEM I raha ny marina.

PRIRTEM na «Projet de Renforcement, d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique» no lalan-tsaina nentin'ny Minisitery anatanterahana ny tetikasa.

Ny PRIRTEM I, araka ny voalaza teo aloha, mampitohy an'Antananarivo amin'i Toamasina. Ny PRIRTEM II kosa tetikasa hampitohy an'Antananarivo sy Antsirabe izay afaka mitondra angovo 300MW.

PRIITEM I sy PRIITEM II no efa misy amin'izao fotoana izao ary azo eritreretina ny hisian'ny PRIITEM III izay efa voalazan'ny Mpampakateny teo, izay hampitohy an'i Vakinankaratra sy Fianarantsoa.

Ampahany amin'ny famatsiam-bola avy amin'ny FAT ity tetikasa ity, fa mbola hisy famatsiam-bola miisa 5 izay handalo eto amin'ny Antenimierampirenena amin'ny manaraka. Araka ny voalaza teo; misy ny «Facilité d'Appui à la Transition» na FAT amin'ity volavolan-dalàna ity. Ho avy koa ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2021 iarahana amin'ny «Fonds Africain de Développement» na ny FAD. Izany hoe, mbola hisy famatsiam-bola hafa ankoatra ity, fa tsy izay ihany.

Marihana fa mifandrindra amin'ny «Projet SAHOFIKA» ity “projet PRIITEM II” ity ary manana anjara amin'izany ny «hydroélectricité SAHOFIKA» ao atsinanana kelin'ny Distrikan'Antanifotsy manakaiky ny Distrikan'Anosibe An'ala no misy. Hamokatra angovo mahatratra 192 MW izany. Ny fahavitan'io PRIITEM II io no hiantoka ny fanamafisana herinaratra eto Antananarivo sy ny Faritra Vakinankaratra.

Taorian'ny fanazavana nataon'Andriamatoa Minisitra, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ary nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, nomarihany fa tsara ity tetikasa ity kanefa raha ny Distrikan'i Befotaka Atsimo no tenenina; maizina, tena tsy misy jiro mihitsy. Noho izany, mangataka ny hisitrahany tetikasa tahaka izao ny vahoaka any aminy.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fisaorana ny fitondrampanjakana tamin'ny fanolorana ireto tetikasa araka ny voalaza amin'ny fandaharam-potoana ireto no nataony. Nambarany fa manantena ny fahavitan'ny PRIITEM III sy PRIITEM IV, tetikasa manaraka ny tenany sady mba hisitraka izany koa ny Distrika mbola tsy nahazo angovo ampy ho azy ireo. Nangatahany koa ny hahatongavan'ny tetikasa PRIITEM hatrany Fianarantsoa.

Tsara ny tanjona hotratrarina araka ny voasoratra ao amin'ny “fiche technique”. Inona kosa no “indicateur” ahafahana mamaritra any aoriana, fa tratra ny tanjona tamin'ny tetikasa. Amin'ny manaraka, tsara raha ampiarahina amin'ny “fiche technique” ireo “indicateurs” mamaritra ny fahatratrarana ny tanjona hotratrarina amin'ny tetikasa hafa.

Amin'ny findramam-bola tahaka izao, misy “note de présentation” sy ny “exposé des motifs”, tsy hita nefa izany tamin'ity volavolan-dalàna ity.

Nomarihany koa fa tsy mifanitsy loatra tamin'ny fanazava teo ny zavatra voarakitra ato amin'ny PRIITEM II, fa mitovy amin'ny PRIITEM I ihany araka ny fahitana azy. Noho izany, tsy tokony holaniana amin'izao ity volavolan-dalàna ity, fa mila antontan-kevitra mazava mikasika ny findramam-bola satria betsaka ny vola hindramina ary 40 taona no hamerenana azy.

Taorian'izay, nanazava Ramatoa Filoha, fa ny volavolan-dalàna entina eto dia "ratification" ka ny valin-teny omen'ny Solombavambahoaka dia na eny na tsia ary tsy azo kitihana izay voarakitra ao anaty volavolan-dalàna. Ho an'izay tsy mankasitraka, tsy mandany fotsiny izao izy; manangan-tànana kosa izay mankasitraka. Manangan-tànana ihany koa izay milaza fa ahemotra ny fandaniana azy. Afaka manatona ny Minisitry ny Angovo izay Solombavambahoaka mahita zavatra tsy mety ao anatin'ny.

Tokony tany amin'ny asam-baomiera koa no nanaovana fanitsiana hoe izao no tsy mety ao anatin'ny, fa amin'ny fivoriambe andraisana fanapahan-kevitra, tsy afaka ovaina intsony izany araka ny lalàna mifehy ny "ratification".

Nanao satroka Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, ka nomena fitenenana; nambarany fa marina ny voalazan-dRamatoa Filoha teo, fa sarotra kosa ny hanaiky fahadisoana goavana raha hatao ihany ny "ratification" eto. Izany hoe, manaiky zavatra diso isika.

Tokony hitondra fanitsiana aloha isika vao laniana ny lalàna raha ny marina.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa hitan'ny mpanatanteraka angamba ny fanitsiana avy tamin'ny Solombavambahoaka teo. Rehefa hanao zavatra tahaka izao, aleo miantso ny "Président de commission", ny mpikambana efa eo rahateo; miara-mandinika ny zavatra rehetra any amin'ny asam-baomiera aloha, fa rehefa tonga ny fandraisana fanapahan-kevitra, mandany na tsia; izay fotsiny no atao.

Nambarany koa, fa mbola maro ny volavolan-dalàna handraisana fanapahan-kevitra aorian'izao ary misy hamehana tsy maintsy jerena hampandrosoana ny firenena, ka tsy tokony handany fotoana ny mpivory.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, nambarany fa tsy tokony halavaina intsony ny resaka, efa mazava ny lalan-tsaina itondrana ny volavolan-dalàna; maro ihany koa ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny asam-baomiera sady nijery lafin-javatra maro. Mba ho tombotsoa ambonin'ny firenena, aleo holaniana ity "ratification" ity. Noho izany, mitaona ny Solombavambahoaka rehetra handany azy ary mbola maro koa ny volavolan-dalàna mikasika ny "ratification" hodinihana eto ka aleo tsy handany fotoana fa handray fanapahan-kevitra raha azo atao.

Andriamatoa TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or kosa raha nandray fitenenana, nanamarika fa tsara izao fanjakana mitondra izao, mahatakatra zavatra avo lenta entina hanasoavana ny vahoaka. Noho izany, mandany tsy misy fepetra ny volavolan-dalàna ny tenany.

Nanambara Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph, fa tokony halamina ny fandraisam-pitenenana satria misy mibahan-toerana loatra ny sasany ary samy teknisiana koa.

Nilaza Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore fa lapan'ny demokrasia ato amin'ny Antenimierampirenena ka tsy tokony hisy tampenam-bava izany.

Nanambara ihany koa ny tenany fa rehefa lany ity volavolan-dalàna ity, any aoriana any, hanao ahoana ny fiantraikany raha sendra misy ny olana hiseho.

Nilaza Andriamatoa TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or fa tokony hitondra fanitsiana amin'ny volavolan-dalàna ny vaomiera raha misy diso any anatin'ny.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo.

Nambaran'Andriamatoa RAMAROSON Andry Heriniaina fa 300MW no angovo azo avy amin'ny iray amin'ny tetikasa. Izany hoe, hamokatra 600MW izy roa rehefa vita tanteraka ny asa rehetra.

Nomarihany koa, fa hanafoanana ny "délestage" ny tanjona nanaovana ny tetikasa. Nohamafisiny fa handefa "courier spécial" aty amin'ny Antenimierampirenena mikasika ny tetikasa ny Minisitery ary hisy fanazavana amin'ny antsipriany izany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa tokony hanatona ny Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo ny Solombavambahoaka raha te-hahazo fanazavana fanampiny momba ity volavolan-dalàna ity.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ny volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, tsy azo kitihana ny andininy ao amin'ny volavolan-dalàna, fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandanianana azy.

Nambarany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-021/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 «*autorisant la Ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar phase II-PRIRTEM II, conclu le 15 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (agissant à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition (BAD/FAT))*».

Taorian'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna laharana faha-021/2021, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa RAMAROSON Andry Heriniaina, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo, raha manankambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra tamin'ny fandanianana ny volavolan-dalàna no nataon'Andriamatoa Minisitry ary nambarany koa fa voasoratra ao amin'ny tantaram-pirenena ny zavatra natao androany.

Nisaoran-dRamatoa Filoha, Andriamatoa Minisitry, taorian'izay ary nirary ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta ny tenany.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandinihana mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 «autorisant la Ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar phase II-PRIRTEM II, conclu le 15 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD)» ny mpivory ary niangavy ny Mpampakatenin'ny vaomiera, Ramatoa Filoha, hamaky ny tatitra momba izany.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-15 Desambra 2021 tamin'ny 11 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana, ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakanana ary ny Vaomieran'ny Angovo sy Rano, nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar phase II-PRIRTEM II, conclu le 15 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera ny Fitantanam-bola sy Tetibola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany :

- 1 ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2 FIENENA Richard Désiré
- 3 RAFIDIMANANA Narson
- 4 RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 5 RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- 6 ANDRIAMANATRIKARIVO Pierrot
- 7 ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 8 RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- 9 RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- 10 RIVOTIANA Jean Bosco

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Angovo sy ny Rano tonga nivory;

- Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred

Tsy nisy tonga kosa ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana sy ny ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana.

Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory

- Andriamatoa RASOAVA Rakotoarisoa Rija

Ireto manaraka ireto no teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1	RAMAROSON Andry Heriniaina	MEH
2	RAJAOFETRA Andry	DGT/MEF
3	RAZAFINDRAMBOARIMANANA Hervé	DDP/DGT
4	RAKOTOARIMANANA Z.Tantely	DDP/DGT
5	RAJAONA Ambinintsoa N.	DDP/DGT
6	José KATSIHA	DDP/DGT
7	RAMIANDRISOA Sambatra	DGEH/MEH
8	ANDRIAMANPARANY Stéphanie	SG/MEH
9	RAHARISON Mirana	Coordo PRIRTEM
10	RAKOTONDRAINITSIMBA Mamy	DIRECTION CONCEPTION RESEAU JIRAMA
11	RAZAFINDRAKOTO Heritiana	ADER/CHEF DE SERVICE PLANIFICATION
12	RAZAFINDRAMANGA Stephano	MEH/protocole
13	MOKIZY Soa Salinah	MEH/assistante
14	RATSIMBAZAFY Anne Marie	MEH/assistante

Rehefa avy nirahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hanazavany ny antonanton'ny volavolan-dalàna

Nanambara ny teknisiana fa ity volavolan-dalàna laharana faha-022/2021 ity dia tohin'ny volavolan-dalàna laharana faha-021/2021 ihany, ka ny fanazavana ara-teknika rehetra mikasika ny tetikasa PRIRTEM, efa voalaza tany avokoa.

Nanazava hatrany izy fa ity fampindramam-bola ity dia mitentina 20 000 000 UC na 28 000 000 Dolara Amerikana na 111 048 000 000 MGA izay averina ao anatin'ny 40 taona, ka ny 10 taona voalohany tsy andoavana renivola. Ahitana «commission d'engagement» 0,50% isan-taona amin'ny vola tsy mbola nampiasaina ary "commission de service" 0,75% isan-taona amin'ny vola nampiasaina fa tsy mbola voaverina.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniahana ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra, naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izay, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Electrique à Madagascar phase II-PRIRTEM-II, conclu le 15 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD)» ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny Alarobia 15 Desambra tamin'ny 12 ora sy sasany, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha

Rehefa izany, niditra tamin'ny fanamarihana momba ny tatitra ny mpivory.

Nanitsy ny anarany tahaka ny tatitra teo aloha, Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, raha nandray fitenenana.

Rehefa izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa RAMAROSON Andry Heriniaina, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo hitondrany fanazavana mikasika ny volavolan-dalàna.

Nambarany fa tsy misy zavatra manokana tokony hazavaina intsony, fa mitovitovy amin'ny teo aloha ihany ny votoatin'ny findramam-bola, fa ny mpampindrana ny vola no miavaka kely. Ny iray teo aloha «à titre d'administrateurs de la Facilité d'Appui à la Transition» no nampindrana azy. Ity faharoa ity kosa, ny «Fonds Africain de Développement» no manao izany.

Taorian'izay, namabaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, nambarany fa miombon-kevitra amin'ny nanaovana ny volavolan-dalàna ny Solombavambahoaka maro an'isa, ka mangataka ny handaniana izany avy hatrany ny tenany.

Rehefa tsy nisy nandray fitenenana intsony ny Solombavambahoaka, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana Andriamatoa Minisitry.

Rehefa tsy nanan-kambara, Andriamatoa Minisitry, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ny volavolan-dalàna.

Nambarany koa fa araka ny voalaza ao amin'ny Andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fifanarahana iraisam-pirenena toy izao, tsy azo kitihana ny andininy ao anaty volavolan-dalàna, fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy.

Nomarihany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 30 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-022/2021 tamin'ny 8 Desambra 2021 «autorisant la Ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Électrique à Madagascar phase II-PRIRTEM II, conclu le 15 novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD)».

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAMAROSON Andry Heriniaina, Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo, fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana ny volavolan-

dalàna no nataony ary nambarany fa ity lalàna ity no fototra ahatongavana amin'ny «Emergence de Madagascar».

Nisaotra an'Andriamatoa Minisitra koa, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary ninary ny hitohizan'ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny Minisitera sy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-023/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la Ratification de l'Accord de Financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Société Générale» ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra momba izany.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson hatrany no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-15 Desambra 2021 tamin'ny 7 ora, hariva, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-023/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'Accord de Financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Société Générale».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. ANDRIAMIATRIKARIVO James Pierrot
3. RAVONTY Tam Téon Luc
4. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
5. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
6. RIVOTIANA Jean Bosco
7. MOHAMAD Ahmad
8. RABEKIJANA Solofohery
9. RAFIDIMANANA Narson

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|---------------------------------|---------|
| 1. RAJAOFETRA Andry | DGT/MEF |
| 2. RAZAFINDRAMBOARIMANANA Hervé | DDP/DGT |
| 3. RAKOTOARIMANANA Zafy T. | DDP/DGT |
| 4. RAJAONA Ambinintsoa | DDP/DGT |

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Sekreteram-panjakana misahana ny Tanàna vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RAKOTOMALALA Adriana
2. RAMBININTSOA Mahatsangy
3. RAHANTASON Mamy

DIRCAB/SENVH
CM/ SENVH
Ct/ SENVH

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana hitondran'izy ireo fanazavana momba ny volavolan-dalàna.

Nandritra ny fandraisany fitenenana, nanazava Ramatoa Tale Kabinetran'ny Sekreteram-panjakana misahana ny Tanàna vaovao sy ny Toeram-ponenana, fa ity tetikasa ity dia tafiditra ao amin'ny Velirano faha-11 nataon'ny Filohan'ny Républika mikasika ny "modernisation de Madagascar". Voakasika manokana amin'izany ny lafiny fitaterana sy ny fotodrafitrasa. Eto Antananarivo no hanatanterahana ny tetikasa noho ny maha Renivohitra azy ary tanàna ivondronan'ny karazan'olona maro avy amin'ny Faritra manerana ny nosy. Fomba fitaterana vaovao izy ity ary azon'ny rehetra jifaina.

Ny tanjona dia ny handaminana ny fifamoivoizana sy hanalefahana ny fitohanana eto an-drenivohitra izay miteraka fatiantoka ho an'ny vahoaka sy ho an'ny firenena. Raha ny kajy natao, tomanana ho 1 000 Milara Ariary no fatiantoka nateraky ny fitohanana'ny fifamoivoizana teto an-drenivohitra tao anatin'ny 30 taona ary hitombo hatrany izany raha tsy misy fepetra raisintsika.

Ny Tetikasa dia tsy natao hifaninana fa hifameno amin'ireo karazam-pitaterana hafa efa misy.

Misy zotra roa ny fitaterana:

- **“Ligne verte”**: Ankatso-Anosy, mirefy 3,7km izay ahitana toeram-piantsonana efatra ary 12 minitra no faharetan'ny dia.
- **“Ligne orange”**: Ambatobe-Anosy, mirefy 9,3km izay ahitana toeram-piantsonana valo ka 30 minitra no faharetan'ny dia.

Ny anton'ireo safidy ireo, noho ireo toerana ireo tsy maintsy mandalo eo amin'ny "centre ville" raha hihazo an'Anosy ka mampitombo ny fitohanana'ny fifamoivoizana.

Ireo toeram-piantsonana 12 ireo dia amin'ny tanim-panjakana avokoa no aorina ary hisy "pylônes" 78 ihany koa hatsangana miaraka amin'izay, mba hiantonan'ireo "cables" ka misy amin'izy ireo ny hiorina amin'ny tanim-panjakana, fa misy kosa ho amin'ny tanin'olon-tsotra. 274 no isan'ny "cabines" izay mahazaka olona 10 ka hatramin'ny 12 mpandeha isany, ka vinavinaina ho 40 000 isan'andro ny olona afaka taterin'ity fitaovam-pitaterana ity. Manomboka amin'ny 6 ora maraina ka hatramin'ny 9 ora alina ny ora hiasany. "2,2 Megawatts" no tanjaky ny herinaratra ilain'ny tetikasa, ka ankoatry ny herinatra avy amin'ny JIRAMA izay hanana ambim-bava mifanaraka amin'io filana io manomboka ny taona 2023, efa miomana amin'ny "groupe de secours" isaky ny zotra ny tetikasa hisorohana izay mety ho fahatapan'ny herinaratra sy hanampiana tosika ny angovo miasa mandritra ny "heure de pointe".

Efa vita ny fanadihadiana ara-teknika sy ara-bola ka 24 volana no fe-potoana hanatanterahana ny tetikasa, saingy heverina ny hahavitan'izany mialohan'ny volana Jona 2023 noho ireo asa sy dingana efa misy mandeha amin'izao fotoana izao, toy ny fitsirihana sy ny fakan-kevitra. Ny Fiadidian'ny Repoblika amin'ny alalan'ny Sekreteram-panjakana misahana ny Tanàna vaovao sy ny Toeram-ponenana no miandraikitra ny tetikasa. Ny orinasa COLAS sy POMA kosa no hanatanteraka ny asa. Ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro no mpiahy ny tetikasa ary ny Kominina Antananarivo Renivohitra no mpiara-miombon'antoka sy mpahazo tombotsoa mivantana.

Amin'ny maha zava-baovao azy izay tsy mbola voafehintsika ny fitantanana sy fikojakojana azy dia hisy ny antso tolo-bidy hatao ho an'ny orinasa matianina hanao ny "assistance à la maîtrise d'ouvrage".

Taorian'izay, nitondra fanazavana momba ny lafiny ara-bola, Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Nambarany fa mitentina 151 Tapitrisa "Euros" ny tetibidin'ny tetikasa, ka famatsiam-bola telo no hanaovana izany, izay mitsinjara toy izao:

- Famatsiam-bola avy amin'ny «Société Générale»: 102,39 Tapitrisa «Euros»
- Famatsiam-bola avy amin'ny NATIXIS: 34,17 Tapitrisa "Euros"
- Famatsiam-bola avy amin'ny Fanjakana Malagasy: 15 Tapitrisa "Euros"

Ho an'ny famatsiam-bola Société Générale manokana dia:

- 12 taona no fe-potoana hamerenam-bola, ka 2 taona «période de grâce»
- «Commission d'engagement»: 0,40%
- «Commission d'arrangement»: 0,95%
- «Commission d'Agent»: 10 000 «Euros» isan-taona
- «Taux d'interêt»: TICR (Taux d'Interêt Commercial de Référence) 0,58%
- «Elément de don»: 22,62%

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandanianana ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa hahafahana manapakevitra, naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nankatoavin'ny Vaomiera ny volavolan-dalana laharana faha-023/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Société Générale», ka haroso eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 8 ora sy 30 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fanamarihana ny tatitra ny mpivory.

Nanao satroka Andriamatoa DARKHOUÏ Siritis, ary nilaza fa efa maro ny fotoana lany teto, ka mahatsiaro reraka ny tenany.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa efa misy eritreritra momba izany saingy mitohy ihany aloha ny fivoriana.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMANOHISOA Gerard, Sekreterampanjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon'ny Fiadidian'ny Repoblika hanazavany ny volavolan-dalàna, indrindra mikasika ny tetikasa voarakitra ao anatin'ny.

Nambarany fa hatambatra ny fanazavana momba ny volavolan-dalàna laharana faha-23/2021 sy ny laharana faha-24/2021 noho ny maha iray ny tetikasa, fa ny loharanom-bola hanatanterahana azy ireo no mizara roa ary nampanarahana ny lalàna, ka izay no nahatonga azy nozaraina roa satria tsy mitovy ny pitsopitsony ao anatin'ny.

Tetikasan'ny Filohampirenena izy ity ary tafiditra ao amin'ny Velirano faha-11 sady maneho ihany koa ny "modernisation" momba an'i Madagasikara.

Nambarany koa fa maro no tsy mahazo hoe inona marina ny tena votoatin'ny tetikasa. Eo anatrehan'izany, adidinay no mitondra fanazavana mikasika ity tetikasa ity.

Tamin'ny faran'ny taona 2018 no efa nofaritana ny tetikasa ary ny Filohampirenena mihitsy no nanomboka azy sy nitady famatsiam-bola tany ivelany, ka ny firenena Frantsay no namaly sy hamatsy vola azy.

Efa niara-niasa tamintsika nandritra ny taona maro ny Frantsay ary niara-niasa tamin'ny Frantsay daholo ny Filohampirenena nifandimby teo aloha. Hanala ny olana misy eto Antananarivo tao anatin'ny 30 taona ity tetikasa ity ary hitantsika rehetra izay nianatra teny amin'ny anjery manontolo, fa nanomboka tamin'ny taona 1990 no efa nisy fitohanana nandritra ny adiny iray na roa teo ho eo. Raha mampiasa "vallée de l'est" isika tamin'ny ilany atsinanana sy ny ilany andrefana tao amin'ny "2^{ème} arrondissement" eto Antananarivo dia tsy nahitana vahaolana izany nandritra ny 20 taona. Nisy "dossier" teo ambony labatra namolavolana hanaovana "tunel" teo amin'ny CNaPS mivoaka eny amin'ny "Select hotel"; tsy nahavoavaha ny olana teto Antananarivo izany. Nisy ny "route circulaire" natao teo Tsimbazaza, tsy nahavaha hatrany ny olana izany. Tonga amin'ny fotoana mifanjohy amin'ny fivoaran'ny teknolojia eran-tany isika izao, tsy lamaody ny fitohanana raha ny fitaterana antanàn-dehibe no jerena, fa ny tsara indrindra sy mafy ary manaja ny tontolo iainana, tsy ilàna fandroanana trano sy fandravana arabe, tsy mandoto tontolo iainana, tsy mandany solika intsony dia ity fitaterana iray ity.

Raha tomanana ny olana misy eto Antananarivo, raha ahena 12 minitra ny fotoana ialana avy any Ankatso na eny Andohan'i Mandrozeza hiakatra eny Anosy dia mila manokatra lalana miisa 6 sy mandrodana trano misa 2000 tafo isika. Mety hitera-doza amin'ny lafiny ara-tsosialy anefa izany.

Rehefa nivoatra ny teknolojia, nahita an'ity tetikasa ity isika, ka ny Frantsay no namaly, afaka hiara-hiasa amintsika hamatsy vola ka niafara amin'izao fifanarahana izao.

Ny tombotsoa lehibe azo avy aminy dia tsy hisy fandravana trano, tsy hisy fandanianana vola amin'ny solika ka ho very 1000 lavitrisa ariary indray mandritra ny 30 taona ho avy; ny fitohanana adiny iray dia mandany vola 2500 ariary isan'olona.

Nosafidiana manokana ity vahaolana ity ary manana tombony isika Malagasy amin'izany. Raha aty Afrika, isika no firenena faha-6 hampiasa azy ary ny antsika no lava indrindra amin'izany. Izany hoe, vahaolana tsy hita tao anatin'ny 30 taona no hita amin'izao fotoana izao.

Ny banky BFV na "Société Générale" no hamatsy vola azy. Fepetra noraisin'ny fanjakana Frantsay izay, ka ny "Trésor Public" no hamatsy ny ampahany. Miara-miasa amin'ny BPI Frantsa koa isika mba ho "assurance" ho antsika, ka ny bankim-panjakana amin'ny fampiasam-bola momba fotodrafitrasa no hiandraikitra izany, mba hialana amin'ny fifaninana. Tsy maintsy mifanaraka amin'ny "Société Générale" izy noho ny lalàna misy any Frantsa. Anisan'ny fepetra nifanarahana tamin'ny fanjakana Frantsay izany ka izay no antony idiran'ny BFV amin'ity tetikasa ity.

Niala tsiny tamin'ny fahatarana tamin'ny fanolorana azy teto amin'ny Antenimierampirenena koa ny tenany. Tsy hoe fanaovana tsinontsinona ny Solombavambahoaka izany, sanatria, fa noho ny tombotsoam-pirenena.

Lava ny fifanarahana natao mba hampidinana ny fepetra rehetra sy hanamaivanana ny vesatra iainan'ny firenena, ka izao vao namaly izy ireo.

Ny "taux" ambany indrindra no nampiharina; raha mijery ny "taux concensionnel" isika, mety amintsika tsara izany. Mbola tafiditra ao anatin'ny "procédure d'endettement de Madagascar" izao toe-bola izao ary azo atao tsara ny manatanteraka azy.

Nomarihany koa momba ny tsikera hoe: nahoana no tsy nampidirana tany amin'ny sehatra ara-tsosialy ny vola nindramina, fa natao any amin'ny fotodrafitrasa. Miisa 3 500 000 ny mponina eto Antananarivo Renivohitra, hita eto daholo ny karazan'ny foko Malagasy. Ny vahoaka Malagasy no ho tompon'ity fotodrafitrasa ity ary tokony hisy fivoarana amin'ny tanàn-dehibe tahaka ny maha renivohitra an'Antananarivo. Tsy hatao amin'ny resaka ara-tsosialy ny findramam-bola natao tamin'ny Frantsay, fa resaka fotodrafitrasa no nekeny hanampiana antsika. Noho izany, tsy azo avadika any amin'ny sosialy ny findrama-bola.

Noho ny fahaiza-mitantana sy ny fandresen-dahatra natao, manana 320 000 000 dolara avy tamin'ny FMI isika, misy 100 000 000 dolara koa avy tamin'ny Banky Iraisam-pirenena, misy 21 000 000 dolara avy tamin'ny USAID, izay natokana ho an'ny sosialim-bahoaka. Efa misy sora-bola natokan'ny fanjakana hamahana ny olana ara-tsosialy manampy izany, misy 33% ao amin'ny Tetibolam-panjakana ao amin'ny "Loi de Finances 2022" izay nolania natao amin'ny Antenimierampirenena. Halefa any amin'ny resaka sosialy avokoa izany. Nampiakarina io tetibola io, ka samy hanana ny anjara toerany avokoa satria ilaina amin'ny famahana olana koa ny fotodrafitrasa tahaka izao.

Nanaja ny lalàna isika ary nisy fanadihadiana ara-tontolo hiainana sy ara-tsosialy natao momba ity tetikasa ary efa vita ny fankatoavana avy tamin'ireo komity ara-teknika tao amin'ny "évaluation". Efa natao ny fakan-kevitra tamin'ny vahoaka tao Mahamasina ary 500 ny olona tonga tamin'izany. Nisy fanontaniana miisa 21 napetraka. Tsapa fa manohana sy manaiky ny tetikasa avokoa izy ireo saingy nisy ny ahiahy madinidinika ary tsy maintsy noraisina an-tànana daholo izany.

Nisy ny nilaza fa tsy nanaja ny rafitra mifehy ny fiangonana Katolika ity tetikasa ity satria misy “tracer” mandalo eo akaikin’ny Katedraly. Amafisina eto aminareo, fa talohan’ny nandaniana azy ity, tsy natao ambanin-javatra izany zavatra izany. Izaho sy ny Mpanolotsaina manokan’ny Filohampirenena ary ny Ben’ny Tanànan’Antananarivo no nirahana nijery izany. Efa nisy fivoriana natao mikasika azy ity niarahana tamin’ny rafitra misy ao amin’ny Diosezin’Antananarivo. Momba ny “trace” voalohany, nandalo tamin’ny Katedraly izy io ary teo amin’ny lohan’ny tranon’ny Ariseveka mihitsy ny “pylone” iray. Rehefa naverina ny fandinihana ara-teknika izay tena sarotra tokoa, nakisaka izany amin’izao fotoana izao ary nahazo fankatoavana tamin’ny Filankevitry ny Diosezy. Afaka manamafy an’izany ny Ariseveka, fa tsy marina ny filazana hoe: manao tsinontsinona ny finoana Katolika isika. Misy ny fiaraha-miasa amin’ny fiangonana Katolika; ohatra, ny fandraisana ny “Pape” natao teny Antsonjombe ary nisy fotodrafitrasa maro nomen’ny Filohan’ny Repoblika toy ny tany Toamasina.

Mikasika ny fanatanterahana ny asa, manome toky izahay fa tsy nataotao foana ny fananganana ity tetikasa ity, fa misy “assurance” ny asa hatao. Hita fa ambony ny “prime d’assurance” amin’ity asa ity. Taona maro no faharetan’ny fisian’ny fotodrafitrasa, nakana “cabinet d’étude spéciale” mihitsy hamolavola ity tetikasa ity. Efa noraisina an-tànana avokoa ny “risque” mety hisy amin’ny fanatontosana azy.

Ny “calendrier” hanatanterahana azy dia ezahana ho alohan’ny handraisana ny “jeux des îles de l’Océan Indien” amin’ny 2023. Efa tokony handeha ny “ligne orange” amin’izany fotoana izany.

Izay no antony mahamaika ny Minisitera amin’ny hanatanterahana azy. Mila manomboka ny asa ao anatin’ny 18 volana isika, fa tsy 24 volana tahaka ny taloha intsony ny fe-potoana andrasana hanatanterahana ny tetikasa.

Taorian’izay, nisaotra an’Andriamatoa Sekreteram-panjakana, tamin’ny fanazavana nataony, Ramatoa Filoha ary nanome fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nilaza Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond fa tsara ny tetikasa ary fanatsarana an’Antananarivo izany sady Velirano faha-11 nataon’ny Filohampirenena ihany koa. Nambarany koa fa ho an’ny Malagasy rehetra ny tetikasa ka nitaona ny namany izy mba handany ny volavolan-dalàna.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, kosa nilaza fa mahaliana ny tetikasa ary nohamafisiny fa ho an’ny Malagasy rehetra tokoa ny tetikasa. Izany hoe, mitombina ny antom-pisian’ny tetikasa. Hamaha olana amin’ny fahatarana noho ny fitohanana eto Antananarivo koa izy ity. Vahaolana fampiasa eran-tany hialana amin’ny fitohanana izy ity sady hitondra fanatsarana lehibe ho an’ny renivohitr’i Madagasikara.

Feno ny fanazavana nentina teo ka tokony holaniana ny volavolan-dalàna.

Ramatoa RASOAZANANIERA Marie Monique kosa, nanambara fa tsara ny fampiasana ny fitaterana “téléphérique” sady midika ho fandrosoana ihany koa. Ahoana ny resaka herinaratra raha sendra misy fahatapahana eny ambony eny.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana Andriamatoa ANDRIAMANOHISOA Gérard, Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon'ny Fiadidian'ny Repoblika.

Fisaorana mialoha ny Solombavambahoaka amin'ny fankatoavana ny volavolan-dalàna no nataony.

Nambarany fa efa vita ny "étude d'impact environnemental et social" mikasika ny tetikasa. Efa mandeha koa ny dingan'ny fankatoavana azy amin'izao fotoana izao. Efa natolotra ny ONE ny votoatin'ny tetikasa ary nivory ny "comité technique d'évaluation"; nisy "consultation publique" koa afak'omaly natao teny Mahamasina hahalalana ny heviny.

Nomarihany, fa telo ny safidy nataon'ny fanjakana ary hangarahara ny fomba fiasa araka ny torohevitra avy tamin'ny Filohampirenena. Afaka manao "analyse documentaire" isika rehetra manoloana izany.

Maro ny olona naneho ny heviny taorian'ny fankan-kevitra teny Mahamasina ka miankina amin'ny "cahier de charge" avy any amin'ny ONE no handraisantsika an-tànana ny zavatra hivoaka amin'ny "étude d'impact social et environnemental".

Efa misy fotodrafitrasa mikasika ny herinaratra natao ho an'ny tetikasa Tanamasoandro sy ny Kianja Barea Mahamasina izay mahalany 5MW.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-023/2021 ny mpivory.

Nomarihany, fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, raha misy fifanaraha iraisam-pirenena tahaka izao, tsy azo kitihana ny andininy ao amin'ny volavolan-dalàna, fa na lanina na tsipahana na ahemotra ny fandanianana azy.

Nambarany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 25 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalana laharana faha-023/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Société Générale*».

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-024/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, financé par NATIXIS agissant au nom et pour le compte du Gouvernement de la République Française, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et NATIXIS» ny mpivory ka niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany hamaky ny tatitra momba izany.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson hatrany no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-15 Desambra 2021 tamin'ny 8 ora sy 45 minitra, alina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-024/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, financé par NATIXIS agissant au nom et pour le compte du Gouvernement de la République Française, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et NATIXIS ».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1 ANDRIAMIASASOA Doda
- 2 ANDRIAMIATRIKARIVO James Pierrot
- 3 RAVONTY Tam Téon Luc
- 4 RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- 5 RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
- 6 RIVOTIANA Jean Bosco
- 7 MOHAMAD Ahmad
- 8 RABEKIJANA Solofohery
- 9 RAFIDIMANANA Narson

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- | | |
|--------------------------------|---------|
| 1 RAJAOFETRA Andry | DGT/MEF |
| 2 RAZAFINDRAMBOARIMANANA Hervé | DDP/DGT |
| 3 RAKOTOARIMANANA Zafy T. | DDP/DGT |
| 4 RAJAONA Ambinintsoa | DDP/DGT |

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Sekreteram-panjakana misahana ny Tanàna vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|---------------------------|--------------|
| 1. RAKOTOMALALA Adriana | DIRCAB/SENVH |
| 2 RAMBININTSOA Mahatsangy | CM/ SENVH |
| 3 RAHANTASON Mamy | Ct/ SENVH |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana hitondran'izy ireo fanazavana momba ny volavolan-dalàna.

Nambaran'ireo teknisiana fa mitovy ny fanazavana ny lafiny ara-tekinika eo amin'ny volavolan-dalàna laharana faha-023/2021 sy 024/2021, fa eo amin'ny lafiny ara-bola ho an'ny famatsiam-bola NATIXIS manokana dia:

- 14 taona ny fe-potoana hamerenam-bola ka 2 taona «période de grâce»
- «Commission d'engagement»: 0,40%
- «Commission de service »: 0,75%
- «Taux d'intérêt»: TICR (Taux d'Interêt Commercial de Référence) 0,58%
- «Elément de don»: 28%

Taorian'izay, niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory

Fanontaniana sy valim-panontaniana:

1. Mikasika ny fampiasana «groupe de secours», tsy hametraka olana ve ny famatsiana solika?

Efa voavinavina amin'ny fandaniana mandritra ny fitantanana ny Tetikasa ny filana ara-tsolika amin'ny fampiasana “groupe de secours” ka tsy tokony hametraka olana.

2. Manoloana ny trosa izay tsy mitsaha-mitombo ataontsika, aiza ho aiza ny “capacité d'endettement”-n'i Madagasikara amin'izao fotoana izao?

Raha ny nofaritan'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena, 800 Tapitrisa Dolara no “plafond” amin'ny fahafahantsika mitrosa hatramin'ny Martsa 2022. Hatreto anefa, tsy mbola tonga amin'ny antsasak'io “plafond” io isika, ka tsy misy ahiahy, fa mbola manana fahafahana mitrosa sy mamerin-trosa tsara isika.

3. Araky ny fanazavana, zotra roa ihany no ho vitan'ity tetikasa ity, ny zava-misy anefa, anisan'ny faritra tena mitaraina mafy amin'ny fitohanana ny eny Anosizato sy Itaosy, koa nahoana no tsy nasiana zotra mandalo any?

Ho an'Itaosy sy ny faritra Anosizato dia efa misy ny tetikasa “Fly over” izay hapetraka eny antoerana ka ny Minisiteran'ny Asa Vaventy no hiantSOROKA azy.

4. Ekena ny maha zava-dehibe ny tetikasa “transport par cable” eto Antananarivo, ka anaovana izao trosa izao, saingy aiza ho aiza ny famatsiam-bola ho an'ny Distrika sy Faritra hafa mba hindramantsika vola toy izao ihany koa?

Ny fomba fiasa dia ireo Minisitera voakasika no mamolavola tetikasa ka manao “requête” eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy Fitantanam-bola izy ireo mba hitadiavana famatsiam-bola. Mitady izay loharanom-bola hahafahana mamatsy izay tetikasa izay ihany koa no asan'ny MEF, fa ny Minisitera isan-tsokajiny kosa no mamaritra ny tetikasa hatao.

5. Iza no hitantana io fitaterana io?

Hisy orinasa hatsangana DIA ny GRACDEF no hiantoroka ny fitantanana ny fitaterana, ka ny fanjakana Malagasy no hanana ny ampahany betsaka amin'ny petra-bola ao. Eo ampanombohana kosa, hisy orinasa vahiny izay efa matianina amin'ny fitantanana ny tetikasa toy izao no hitantana. Antsoina hanome tantoroka mandritry ny fotoana voafetra izy mba hananantsika miandalana ny traikefa ilaina amin'izany.

6. Efa voafaritra ve ny saran-dalana?

Raha ny vinavinana, eo anelanelan'ny 2000 ka hatramin'ny 5000 Ariary no saran-dalana saingy miankina amintsika ihany ny famaritana izany. Ny tsara marihina, ny vola ampidirin'ny tetikasa ihany no ezahina hamerenana ny trosa nananganana azy.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahafahana manapakevitra, naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nankatoavin'ny Vaomiera ny volavolan-dalàna laharana faha-024/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, financé par NATIXIS agissant au nom et pour le compte du Gouvernement de la République Française, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et NATIXIS*» ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 9 ora sy 30 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nomen-Dramatoa Filoha fitenenana ny mpivory raha toa manana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra.

Rehefa tsy nisy nanana fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra ny mpivory, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMANOHISSOA Gérard, Sekreterampanjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon'ny Fiadidian'ny Repoblika, mba hanazava ny volavolan-dalàna.

Nambaran'Andriamatoa ANDRIAMANOHISSOA Gérard fa efa natambany tamin'ny fanazavana mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-023/2021 teo ny fanazavana momba ity volavolan-dalàna laharana faha-024/2021 ity.

Modely vaovao no firafitra nitondrana ity tetikasa ity, “*étude conception et réalisation*” no nisy teo aloha, fa ity kosa niantohan'izy ireo hatramin'ny famatsiam-bola rehetra, ka “*TRANSDEV*” sy ny “*POMA*” no orinasa hitantana ny tetikasa.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nambarany fa misy antontan-kevitra fanampiny nozaraina, mbola tsy ampy adiny iray izay, nisy sonia fifanarahana amin'ny findramam-bola mikasika ny tetikasa.

Aiza ny kase manamarika ny “forme” ho an’ny orinasa NATIXIS solotenan’ny Firenena Frantsay. Noho izany, ilaina ny fanazavana momba ny pitsopitsony. Tombokasem-panjakana Frantsay no tokony ho eo, mety tsy nitondra an’izany ve izy ireo sa misy antony manokana tsy nanaovana kase eto.

Taorian’izay, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana Andriamatoa ANDRIAMANOHOISA Gérard, Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana eo anivon’ny Fiadidian’ny Repoblika.

Nambarany fa marina ny voalazan-dRamatoa Solombavambahoaka teo. Noho ny hamafin’ny fifampiresahana natao, vao omaly no tomombana ny fifanarahana teo amin’ny firenena Frantsay sy Malagasy, nenjehana koa ny fanatanterahana izany mba ho ara-potoana. Sonia ihany no nalefa, fa tsy maintsy atao ny kasea ara-dalàna momba ny fifanarahana findramambola mba hanaraka ny lalàna velona.

Rehefa izany, niangavy ny Minisitara mba hanao ny fanatanterahana ny kasea ara-dalàna, Ramatoa Filoha.

Taorian’izay, nanambarany fa hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-024/2021 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ny volavolan-dalàna. Araka ny voalaza ao amin’ny Andininy faha-158 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, raha misy fifanarahana iraisam-pirenena tahaka izao, tsy azo kitihana ny andininy ao anaty volavolan-dalàna, fa na laniana na tsipahina na ahemotra ny fandaniana azy.

Nambarany koa fa ny andininy faha-90 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 23 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-024/2021 tamin’ny 15 Desambra 2021 «*autorisant la ratification de l’accord de financement relatif au projet de Transport par Câble à Antananarivo, financé par NATIXIS agissant au nom et pour le compte du Gouvernement de la République Française, conclu le 15 Décembre 2021 entre la République de Madagascar et NATIXIS*».

Rehefa izany, nomena fitenenana, Andriamatoa Sekreteram-panjakana, taorian’ny fahalanian’ny volavolan-dalàna.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin’ny fandraisana anjara amin’ny fampandrosoana ny renivohitr’i Madagasikara sy ny fanatanterahana ny vina napetraky ny Filohampirenena no nataon’Andriamatoa Sekreteram-panjakana ary nampanantena koa ny tenany fa tombotsoa ho an’ny rehetra ny fahatanterahan’izao tetikasa izao.

Nisaotra azy koa, Ramatoa Filoha, sady nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-025/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce-phase II (PACFC II), conclu le 02 décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD)» ny mpivory ary niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra mikasika izany.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson hatrany no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alakamisy faha-16 Desambra 2021 tamin'ny 11 ora, atoandro, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-025/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce-phase II (PACFC II), conclu le 02 décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1 ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2 RAFIDIMANANA Narson
- 3 RANDRIAMANAMPISOA Alfred
- 4 RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- 5 ANDRIAMANATRIKARIVO Pierrot
- 6 ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 7 RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
- 8 RIVOTIANA Jean Bosco
- 9 MOHAMAD AHMAD
- 10 VELOMAHAZO Patrice

Ireto manaraka ireto ny teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | | |
|---|-----------------------------------|----------|
| 1 | RAJAOFETRA Andry | DGT/MEF |
| 2 | RANDRIANANDRASANA Hajaniana | DGTP/MTP |
| 3 | RAZAFINDRAMBOARIMANANA Hervé | DDP/DGT |
| 4 | RAKOTOARIMANANA Z.Tantely | DDP/DGT |
| 5 | RAJAONA Ambinintsoa N. | DDP/DGT |
| 6 | José KATSIHA | DDP/DGT |
| 7 | RAZAFINOMEZANTSOA Miora Tanteraka | MTP |

8	RAZAFIMAHEFA Miandrisoa Andrianarivo	PACPC/MTP
9	RANDRIANALISON Tolotriniavo	PACFC/MTP
10	RASOAMANARO Narindra	PACFC/MTP

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha, nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mikasika ny volavolan-dalàna.

Ity volavolan-dalàna ity dia mikasika ny famatsiam-bola izay nifanarahan'ny fanjakana Malagasy tamin'ny «Fonds Africain de Développement» momba ny fanamboaran-dalana hatao «bitume» any amin'ny RN12 A (Ebakika-Manambondro) sy ny RN9 (Manja-Dabara). Mitentina 125 000 000 UC na 175 000 000 Dolara Amerikana na 693 658 000 000 MGA ny findramam-bola. Maharitra 40 taona ny fameranam-bola ary manana 10 taona «délai de grâce»; 0,5% no «commission de service» ary 0,50% no «commission d'engagement». Mifarana amin'ny taona 2026 ny fanaovana io tetikasa io.

Taorian'ny fanamarihana sy fanontaniana, niroso tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra, naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nankatoavin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ny volavolan-dalàna laharana faha-025/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Amenagement de Corridors et de Facilitation du Commerce-phase II (PACFC II), conclu le 02 décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD)», ka hoentina eny anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra ny pivory.

Rehefa tsy nisy naanao fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra ny mpivory, nangataka an' Andriamatoa HATREFINDRAZANA Jerry, Minisitry ny Asa Vaventy, hitondra fanazavana mikasika ny volavolan-dalàna ny tenany.

Fisaorana ny Mpampakateny namaky ny tatitra rehetra no nataony voalohany raha nandray fitenenana.

Nambarany fa ity tetikasa PACFC ity dia andiany faha-2 ary izy izao entina eto anivon'ny Antenimierampirenena izao mba hankatoavina.

Nambarany koa fa efa voasoratra ao anatin'ny "fiche de projet" izay efa nomena ny Solombavambahoaka ity tetikasa ity.

Tafiditra amin'ny ampahany voalohany amin'ny lalam-pirenena vonjimaika RN12A mampitohy an'i Manambondro sy Ebakika ity tetikasa ity; mampitohy an'i Vangaindrano sy Masihanaky amin'ny ampahany amin'ny RN9 koa ary tafiditra ao ny fanamboarana ny tampon-tanànan'i Toliara.

Araka ny voalaza teo, andiany faharoa ity tetikasa ity ary mitentina 225 Tapitrisa UC na 220 Tapitrisa Dolara; ny ampaham-bola sasany kosa, mbola eo ampanaovana ny fifanarahana ny Minisitera amin'izao fotoana izao. Ny ampahany voalohany no efa vonona izay mitentina 125 Tapitrisa UC na 178 Tapitrisa Dolara ary mizara "composantes" dimy ny famatsiam-bola ao anatiny.

Ny "composante 1" dia fanamboaran-dalana amin'ny andiany faharoa, handrakofana tara ny lalam-pirenena vonjimaika RN12A mampitohy an'i Ebakika sy Manambondro; tafiditra ao anatiny daholo ny tetezana lehibe miisa 9, fa tsy 11 araka ny voasoratra ao anatin'ny tetikasa.

Tafiditra ao anatiny koa ny fanaovana ny RN9 sy ny RN35 mampitohy an'i Manja sy Dabaraha. Efa manamboatra ny tokony hahavitan'ny lalana hatrany Manja amin'ny RN9 iny ankehitriny izy ireo araky ny voalazany. Mirefy 185Km izany, tafiditra ao anatiny koa ny fanaraha-maso amin'ny lalam-pirenena faha-2.

Hatomboka avy hatrany ny lalam-pirenena vonjimaika RN12A. Rehefa tonga eto amin'ny Antenimierampirenena ny ampahany faha-2 dia halefa koa ny fanamboarana ny RN9.

Ao anatin'ny famatsiam-bola koa ny fanadihadiana ara-teknika, ny fanitarana ary ny fanamorana ny resaka varotra ao amin'ny seranan-tsambon'i Toliara.

Ao koa ny "aménagement connexe", ahitana ny fanaovana lalan-tany na "piste" eo amin'ny 74Km eo, any amin'ny faritra mampitohy an'i Manja sy ny asa sosialy maromaro izay manamorona ireo tetikasa hatao ireo. Ohatra, ny fanamboarana ny hopitaly, ny fanaovana lava-drano, ny fametrahana ny "éclairage public" manamorona ny lalana sy Kaominina andalovan'ireo lalana hamboarina ireo. Izany hoe, tafiditra ao koa ny "autonomisations sociales et économiques" ho an'ny mponina sahirana amin'ny "axe" misy ny tetikasa.

Hita ao amin'ny "composante" miisa 5 koa ny tohana omena mba hanarahana maso ny tetikasa. Ireo voalaza rehetra ireo no tetikasa angatahana fankatoavana eto amin'ny Antenimierampirenena. Voaporofa amin'izany fa tsy eto an-drenivohitra ihany no hanaovana tetikasa fa ny Faritra rehetra dia samy hahazo ny anjara tandrify azy avokoa. Hojerena ny any ifotony ary amin'ny taona ho avy, maro ny tetikasa hatao mikasika ny lalana eto Madagasikara.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa DARKHOUÏ Siritis, nambarany fa tsy tokony hanana fisalasalana ny Solombavambahoaka, fa aleo laniana avy hatrany ny volavolan-dalàna satria soa iombonana ny fananana lalana.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, kosa nanambara fa araky ny voalaza ao amin'ny pejy faha-6, miisa 11 ny tetezana hamboarina kanefa 9 ihany no nambaran'Andriamatoa Minisitry teo. Azo atao any amin'ny toerana hafa ve ny roa ambiny amin'io sa tsia.

Nitariana momba ny fahatapahan'ny "bac" ao Masihanaka koa ny tenany. Mety mba hahazo famatsiam-bola ve ny fanarenana izany sa tsia.

Aiza ho aiza ny mikasika ny lalana RNT18 amin'izao fotoana izao.

Soa ho an'ny rehetra izao tetikasa izao, ka tokony holaniana ny volavolan-dalàna, izay no namaranany ny teniny.

Nangataka ny hijerena ny RNT18 toy ny volazan'ny namany teo aloha, Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, raha nandray fitenenana. Tokony hamboarina izany lalana izany satria ny fahavitany no fomba iray hialana amin'ny fitokana-monina.

Nankasitraka ny tetikasa koa ny tenany ary nitaona ny namany mba handany izany.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa BAOFENO Micheline, nisaotra tamin'ny famolavolana ny tetikasa ary niangavy ny hanatanterahana izany rehefa lany eto amin'ny Antenimierampirenena ny lalàna.

Andriamatoa TSITARA Rogers Osman, kosa nanontany mikasika ny "éclairage public"; mifandray amin'ny famatsiana angovo ve izany sa manao ahoana.

Taorian'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana, Andriamatoa HATREFINDRAZANA Jerry, Minisitry ny Asa Vaventy.

Mikasika ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoakan'i Vangaindrano, noho ny akora fototra fanamboarana ny fotodrafitrasa sy ny fanafarana entana niakatra no nahatonga ny tetezana nahena ho 9 ny isany fa tsy 11 araka ny vinavina tamin'ny voalohany.

Momba ny "bac", azo atao ny miara-miasa ary tsy maintsy mijery vahaolana mikasika izany ny Minisitry.

Mikasika ny RNT18, efa any amin'ny tomponandraikitra ny "demande d'autorisation" napetraky ny Minisitry momba ny fanombohana ny asa amin'izao fotoana izao. Tokony hanomboka ato ho ato ny asa ary tsy hisy sakana intsony amin'ny fanatsarana ny lalana eto amintsika.

Momba ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoakan'i Nosy Varika, efa hita any amin'ny "Loi de Finances 2022" ny tetibola ampahany voalohany ary nozaraina roa ny fanamboarana izany. Tsy ho vita amin'ny taona ho avy ny lalana mampitohy an'i Nosy Varika sy Mananjary ary Mahanoro, fa amin'ny telo volana voalohany no hanombohana izany. Tetikasa lehibe fandrakofana tara ny RN11 no hatao rehefa mivoaka ny vola amin'ity fifanarahana ity.

Nambarany fa tanjona iray no napetrak'Andriamatoa Filohampirenena sy ny Governemanta dia ny fampandrosoana an'i Madagasikara. Zava-dehibe ny resaka lalana, omena lanja sy asiana ezaka lehibe izany.

Tsy maintsy amin'ny alalan'ny famatsiam-bola no ahafahana manatanteraka azy. Mikaroka hatrany ny Minisitery mba ahazoana famatsiam-bola sy mba hampitomboana ny halavan'ny lalana vita tara eto Madagasikara.

Rehefa izany, nofaranany tamin'ny fisaorana ny Solombavambahoaka ny fandraisam-pitenenana nataony.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry ny Asa Vaventy, tamin'ny famaliany ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha, nambarany, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-025/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 ny mpivory.

Nomarihany, fa ahitana andininy miisa roa ny volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, rehefa misy fifanarahana iraisam-pirrena tahaka izao, tsy azo kitihana ny andininy ao anaty volavolan-dalàna, fa na laniana na tsipahina na ahemotra ny fandania azy.

Nambarany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 25 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-025/2021 tamin'ny 15 Desambra 2021 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce-phase II (PACFC II), conclu le 02 décembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Africaine de Développement et le Fonds Africain de Développement (BAD/FAD)*».

Taorian'ny fandania ny volavolan-dalàna, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana, Andriamatoa HATREFINDRAZANA Jerry, Minisitry ny Asa Vaventy, ka fankasitrahana ny Solombavambahoaka no nataony tamin'ny fandania ny volavolan-dalàna natolony.

Mariky ny fiaraha-miasa sy firaisam-po ho an'ny fampandrosoana an'i Madagasikara tokoa no misy eo amin'ny Mpanatanteraka sy ny Antenimierampirenena. Nambarany koa fa havokavoka amin'ny fampandrosoana ny firenena ny lalana.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry tamin'ny fahalavorarian'ny fihaonana, Ramatoa Filoha.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ka anio amin'ny 3 ora, tolak'andro sy rahampitso Zoma amin'ny 10 ora, maraina dia hisy fandinihana fanindroany (2^{ème} lecture) ny volavolan-dalàna rehetra nalefa tany amin'ny Antenimierandoholona raha sendra misy izany.

Rahampitso Zoma 17 Desambra 2021 amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa no hatao ny lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2021 izay hatao eny amin'ny CCI-Ivato.

Nanentana ny Solombavambahoaka ihany koa ny tenany mba ho tonga maro hanatrika izany lanonam-pamaranana izany.

Niato tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona